## Fahafoizan-tena natao hanorenana ny Tempolin'i Kirtland

Fotoana fohy taorian'ny nahazoana ny fizarana 95 dia nanomboka nanadio ny saha izay hanorenana ny tempoly i Hyrum Smith. Fanamby sarotra ny fanorenana ny tempoly. Tsy nisy afa-tsy 150 teo ho eo ny mpikamban'ny Fiangonana tao amin'ilay faritra. Tsy nanana traikefa na fahaiza-manao mba hanara-maso ny fanaovana trano lehibe toy izany izy ireo. Ny fanorenana ny tempoly dia hitondra ihany koa fahasahiranana ara-bola ho an'ny Fiangonana sy ny mpikambana. Na izany aza dia nandeha niasa izy ireo, ary ny Tompo dia nanatanteraka ny fampanantenany hanome azy ireo "hery hanorenana izany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:11). Nifindra tany Kirtland i Artemus Millet, izay mpikambana niova fo avy any Kanadà sy mpanorina trano efa za-draharaha, ary nanara-maso ny fanorenana. Nisy olona niova fo iray hafa, John Tanner, izay nanome fanampiana ara-bola tamin'ny fotoan-tsarotra. Lehilahy sy vehivavy ary ankizy teo amin'ny faritra no nanome, fotoana, heri-tsandry, ary fitaovana hananganana ny tempoly.

- Inona avy ireo fahafoizan-tena maromaro nataon'ny Olomasina mba hanorenana ny Tempolin'i Kirtland? Inona no manan-danja aminao mahakasika ireo fahafoizan-tena ireo?
- Inona avy ireo fahafoizan-tena vitsivitsy azontsika atao mba handehanana any amin'ny tranon'ny Tompo?

## Fahafoizan-tena natao hanorenana ny Tempolin'i Kirtland

Fotoana fohy taorian'ny nahazoana ny fizarana 95 dia nanomboka nanadio ny saha izay hanorenana ny tempoly i Hyrum Smith. Fanamby sarotra ny fanorenana ny tempoly. Tsy nisy afa-tsy 150 teo ho eo ny mpikamban'ny Fiangonana tao amin'ilay faritra. Tsy nanana traikefa na fahaiza-manao mba hanara-maso ny fanaovana trano lehibe toy izany izy ireo. Ny fanorenana ny tempoly dia hitondra ihany koa fahasahiranana ara-bola ho an'ny Fiangonana sy ny mpikambana. Na izany aza dia nandeha niasa izy ireo, ary ny Tompo dia nanatanteraka ny fampanantenany hanome azy ireo "hery hanorenana izany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:11). Nifindra tany Kirtland i Artemus Millet, izay mpikambana niova fo avy any Kanadà sy mpanorina trano efa za-draharaha, ary nanara-maso ny fanorenana. Nisy olona niova fo iray hafa, John Tanner, izay nanome fanampiana ara-bola tamin'ny fotoan-tsarotra. Lehilahy sy vehivavy ary ankizy teo amin'ny faritra no nanome, fotoana, heri-tsandry, ary fitaovana hananganana ny tempoly.

- Inona avy ireo fahafoizan-tena maromaro nataon'ny Olomasina mba hanorenana ny Tempolin'i Kirtland? Inona no manan-danja aminao mahakasika ireo fahafoizan-tena ireo?
- Inona avy ireo fahafoizan-tena vitsivitsy azontsika atao mba handehanana any amin'ny tranon'ny Tompo?



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_351-1